


**La ministre Olga Ramaroson a pu rencontrer les champions de la 8è Coupe des Clubs Champions Handisport de l'océan Indien, en basket-ball et pétanque, qui ont bénéficié d'un séjour à Antsiranana offert par Mialy Rajoelina, Première Dame de l'Etat et Marraine du tournoi**




Mesdames et Messieurs,

A l'occasion de la Célébration de la Journée Internationale des personnes en situation de

handicap en ce jour de 3 décembre 2011, j'ai l'immense joie de vous saluer tous d'être présents ici à Antsiranana, pour honorer ensemble et pour le respect communs de cette Journée consacrée pour nos concitoyens handicapés . Et je tiens particulièrement à saluer ici toutes ces personnes en situation de handicap qui ont eu le courage de se montrer et vivre avec nous, dans une ambiance festive leur force et vitalité, durant les festivals et les manifestations sportives d'hier, et encore pour des manifestations artistiques et d'autres animations de ce jour.

C'est vrai, notre présence collective ici marque l'harmonie et la coexistence parfaite des groupes sociaux différents, sans aucune distinction. D'ailleurs, le thème que nous avons pris pour cette année 2011 s'intitule « **COMMUNAUTE INCLUSIVE, LEVIER DE DEVELOPPEMENT »** . Littéralement en Malagasy *« Fiarahamonina tsy manilikillika, fanoitry ny fampandrosoana »*
.

En effet, les hommes sont tous faits égaux en Droit dans ce bas monde. Le Droit naturel et le Droit positif qui régissent notre mode de vie nous mettent tous sur le même piédestal en matière de droit et de jouissance de vie.  Le bon Dieu nous a façonné selon notre propre sort, bien que parfois il n'est pas toujours facile pour nous d'accepter.



Mais la pensée et la mentalité de l'homme peut changer au fil des ans, et le Monde avec ! Consciente de la dignité humaine et de l'égalité de tous en droit, l'Assemblée Générale des Nations a proclamée les Droits Universels des Personnes Handicapées, suivant la Résolution 3 447 du 9 Décembre 1975. Par la suite, elle a déclaré le 3 Décembre 1992, pour la première fois *« Journée Internationale de Personnes Handicapées »*, et que nous continuons de célébrer tous les ans.

Sachons que nous Malagasy, signataire de toutes les Conventions et Chartes des Nations-Unies relatives aux Droits de l'homme, droits de la femme, droits des enfants et les droits des handicapés, nous sommes tous tenus de respecter et de concrétiser à la lettre les clauses et les teneurs de toutes ces Conventions, et non de les évoquer d'une manière rhétorique en pareille circonstance solennelle.

Pour le bien de tous, pour le développement social, je vous exhorte à vivre ensemble, vivre en harmonie, vivre en paix, dans l'amour, l'entraide, et la compréhension, afin que chaque homme, chaque femme, trouve son bonheur dans sa manière d'être, sans exclusion ou de haine. La solidarité nationale et internationale nous interpelle tous de vivre ensemble, et de mieux vivre, quelque soit notre milieu économique, racial, ethnique, et notre appartenance au groupe social différent.

**=========================================**

**Kabarin-dRamatoa Ministry ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy**

**Andro iraisam-pirenena ho an'ny olona manana fahasembanana**

**Antsiranana 2 – 3 novambra 2011**



Tompokovavy sy Tompokolahy,

Miarahaba anareo vahoakan'Antsiranana tonga marobe eto amin'ity toerana ity no voalohanteniko. Ary miarahaba manokana ny olona manana fahasembanana rehetra tratr'izao Fankalazàna ny Andro iraisam-pirenena ho an'ny olona manana fahasembanana izao.

Toerana faharoa notsidihako hatramin'ny nandraisako ny Ministeran'ny Mponina sy ny Raharaha Sosialy ny eto Antsiranana. Koa alohan'ny hanombohantsika ny resaka dia mangataka anareo amim-panetren-tena ny tenako, mba hiondrika iray minitra, ho fanomezam-boninahitra ny Reny mamintsika Nadine Ramaroson, izay maty teo ampanefana ny adidiny, ka ho tsarovantsika mandrakariva. (1mn fahanginana)…… Misaotra tompoko !

Manoloana ny fotoan-dehibe tahak'izao, dia tsy mety tokoa ny saina raha tsy hampahatsiahy ny zava-bitan'Itompokovavy Nadine RAMAROSON teto amin'ny firenena, satria ny fitiavany, ny hafanam-pony, ny heriny, ary ny fahasahiany, dia nentiny nanompoana ny vahoaka avokoa, ka tsy diso anjara tamin'izany ianareo vahoaka teto Antsiranana. Toerana nahalehibe ahy rahateo ity Antsiranana ity, ka rariny loatra raha maneho fifaliana aminareo aho, amin'izao nifidianana azy ho toerana Hankalazana amin'ny fomba ofisialy ny Andro iraisam-pirenena ho an'ny olona manana fahasembanana izao.

Mitohy tsy ankijanona ny asa sosialy sahanin'ny Ministeran'ny Mponina, ka na tsy hahasolo tanteraka an'i Nadine Ramaroson aza ny tenako, dia manome toky anareo kosa fa hanohy amim-pahavitrihana ny ezaka rehetra efa natombony.

Laharam-pahamehana avokoa ny ady amin'ny fahantrana,  ny tolona ho amin'ny fanajana ny zon'olombelona rehetra, ny ady amin'ny herisetra sy ny tsy rariny isankarazany, ka ny ankizy, ny vehivavy, ny zokiolona, ny vahoaka mahantra, ny manana fahasembanana, ireo rehetra ireo no tsy maintsy tsinjovin'ny Ministeran'ny Mponina voalohany indrindra, fa ny Sosialim-bahoaka no antom-pisian'ny Ministeran'ny Mponina.

Tsipihiko manokana eto anefa, fa n'inon'inona toerana sy sokajim-piainana misy antsika, dia tsy mahazo mitanondrika isika, fa tsy maintsy mitraka mandrakariva, ka ny filamatra apetrantsika dia ny hoe « **MISAINA , MIASA, ary MIHARY** », fa ireo filamatra *« 3 Mi »* ireo no hataontsika fanoitra lehibe handresentsika ny fahantrana mihoampampana eto amin'ny firenena, izay nomena anarana hoe « 4 Mi ». Hiady mafy isika mianakavy fa tsy hanaiky ho mafy ady intsony !

Tsy azo ekena raha firenena manan-karena toa an'i Madagasikara no hahantra fadiranovana ny mponina ao aminy. Mahantra ny tantsaha malagasy, mahantra ny mpiasa, mahantra ny mpanao asa tanana, mahantra ny mpandraharaha madinika. Olom-bitsy sy ireo mpanararaotra ny fahantram-bahoaka no migoka ny mamy eo amin'ny fiarahamonina, fa ny Vahoaka 80% dia miaina amin'ny fahantrana avokoa, ka na ny fahasembanana ara-batana mahazo ny sasany aza dia lasa enta-mavesatra ho an'ny fianakaviana maro.


MADAGATE